NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Ny mason'i Jehovah amin'izao rehetra izao, mijery ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy."

Ohabolana 15:3

CHAN AGÉRIE 2023

Tsara fanombohana ny Barea Chan ao amin'ny vondrona C

Tsara fanombohana ny Barea Chan, izay mandray anjara voalohany amin'ny dingan'ny famaranan'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika CHAN 2022, tontosaina any Algérie nanomboka tamin'ny zoma 23 janoary 2023 teo. Nandresy tamin'ny isa 2 noho 1 an'i Ghana izy ireo tamin'ny alahady 15 janoary teo, tao amin'ny kianja « Stade Mohamed Hamlaoui Constantine» . Mitana ny laharana voalohany ao amin'ny vondrona C ny ekipam-pirenena malagasy tao aorianan'io andro voalohany natrehany io. I Koloina n° 7 (11') sy Tsiry n°7 (62') izay "l'homme du match" tamin'io fihaonana io, no nampiditra an'ireo baolina roa matin'ny Malagasy. Marihana fa tamin'ny zoma 13 janoary 2023 teo, no nanomboka ny fifanintsanam-bondrona amin'ity fifaninanana ity ka i Algérie mpampiantrano sy Libye (Gr A) no nisantatra an'ireo lalao rehetra tao amin'ny kianja "Stade Nelson Mandela (Bakari)". Vokatra azo Algérie 1-0 Libye. Vokatra tamin'ny sabotsy 14 janoary 2023 : Ethiopie 0 – 0 Mozambique (Gr. A) tao amin'ny kianja « Stade Nelson Mandela (Bakari) », RD Congo 0 – 0 Ouganda (Gr. B) tao amin'ny kianja « Stade du 19 Mai 1956 (Annaba) » ary Côte d'Ivoire 0 – 1 Sénégal (Gr. B) tao amin'ny kianja « Stade du 19 Mai 1956 (Annaba) ». Omaly alatsinainy 16 janoary 2023 dia nihaona tao tao amin'ny kianja " Stade Miloud Hadefi (Oran)" i Mali sy Angola (Gr. D) ary tao amin' ny kianja " stade Miloud Hadefi (Oran)" i Cameroun sy Congo (Gr. E). Fantaro kosa ireo fandaharam-potoana manomboka anio talata 17 janoary 2023 ka hatramin'ny sabotsy 4 febroary 2023 hanatanterahana ny lalao famaranana amin'ity fifaninanana ity? Anio talata 17 janoary 2023 : 20 h : Algérie – Ethiopie (Gr. A), stade Nelson Mandela (Bakari). 17h: Mozambique – Libye (Gr. A), stade Nelson Mandela (Bakari). Rahampitso alarobia 18 janoary 2023 : 17 h : RD Congo – Côte d'Ivoire (Gr. B), stade du 19 Mai 1956 (Annaba). 20 h : Sénégal – Ouganda (Gr. B), stade du 19 Mai 1956 (Annaba).

I Tsiry n°7 "l'homme du match".

Rainilita

Coupe des Sélections Régionales U19 - Garçons– 2022

Tontosa ihany koa ny dingana voalohany tany Port Bergé

Ekipa tany Port Bergé.

Tontosa tamin'ny herinandro lasa teo ihany koa ny dingana voalohany amin'ny fifaninanana baolina kitra, « Coupe des Sélections Régionales U19 - Garçons – 2022 » ho an'ny « Site Boeny », izay notanterahina tany Port Bergé. Vokatra azo tamin'izany J1 : Boeny (2) - (1) Sofia J 2 : Boeny (1) - (0) Melaky J3 : Sofia (1) - (0) Melaky. Tafavoaka voalohany tao amin'ity Site ity ny ekipa voafantin'i Boeny, faharoa ny ekipa voafantin'i Sofia ary fahatelo ny ekipa voafantin'i Melaky.

Rainilita

Rallye Dakar 2023

Nifarana tamin'ny alahady 15 janoary teo

Nifarana tamin'ny alahady 15 janoary teo tany Arabie Saoudite, tamin'ny alalan'ny fahatontosan'ny dingana faha-14, norombahan'ilay Frantsay Guerlain Chicherit (Prodrive), ny fifaninanana Rallye Dakar 2023. Ilay Qatarien Nasser S Al Attiyah indray, niaraka tamin'ilay "Copilote" Frantsay Mathieu Baumel nitondra fiara Toyota, no nandresy tamin'ny ankapobeny tamin'ity fifaninanana ity. Fanindiminy izy izao no nisalotra an'ity anaramboninahitra ity dia tamin'ny 2011, 2015, 2019, 2022 ary 2023 i Nasser al-Attiyah. Filaharana ankapoben'ny Rallye Dakar 2023 1° Nasser S Al Attiyah (QAT) nitondra Toyota GR DKR Hilux nahavita 45h03m15s, 2°- Sébastien Loeb (FRA) nitondra Prodive Hunter nahavita 46h24m04s, 3°-L Moraes (BRA) nitondra Toyota | Hilux Overdrive nahavita 46h41m46s.

Tany Arabie Saoudite.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa

Nahandro gasy, trondro gasy sy voanjobory indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty na lasary voatabia ihany koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fiarovana amin' ny aretina AVC sy aretimpo

Fiarovana amin'ny aretina AVC sy aretimpo, na crise cardiaque indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: tongolo gasy hasiny 3 voatoto, rano 1 kôpy na vera 250 ka hatramin'ny 300 ml, rano tsy mafana tsy mangatsiaka, huile d'olive 1 sotro kely.

Alefa anaty rano ny tongolo gasy voatoto , dia hasiana huile d'olive, afangaro tsara ireo dia andrasana 15 min vao sotroina

Maraina mbola tsy misakafo no misotro azy.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Vohilengo distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Vohilengo distrikan'i Fenoarivo Atsinanana, faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vohilengo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any atsimo atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 12 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any Vohilengo ny jirofo, ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Ratsy ny lalana mampitohy azy amin'ny renivohitry ny distrika: Fenoarivo Atsinanana.